


## 01 novambra 2023 Fankalazana ireo olomasina



Ry Kristianina havana, vao avy no namarana ny volan'ny raozery isika izay nibanjinantsika ny misterin'ny famonjena antsika : misterin'ny fahatongavana ho nofo, misterin'ny famirapiratan'ny fahazavana, misterin'ny fijaliana izay nibanjinantsika an'i Jesoa manolotra ny ainy ho fanavotana antsika ary ny mistery be voninahitra izay hibandinantsika miaraka amin'i Masina Maria ny fiainan-ko avy izay andrasantsika. Nandritra izay volana Oktobra volan'ny Rozery ihany koa no nandalinantsika ny volan'ny misiona ka namakafakantsika ny maha EOV MISIONERA ANTSIKA VITA BATEMY KA IRAHINA

Vakitenyl :Apok. 7, 2-4. 9-14

Tononkira : Salamo 23

Vakiteny II : 1 Jo. 3, 1-3

Evanjely : Mt. 5, 1-12a

HO TABERNAKLA VELONA araka ny hafatr'I Papa hoe "Inty aho ka iraho". Volana oktobra izay nidirantsika amin'ny TAONA PASTORALY VAOVAO KA HANAOVANTSINKA DEPART VAOVAO AO ANATIN'NY PANTEKOTY VAOVAO. ARY INDRINDRA VOLANA NIROSOANTSINKA TAMIN'NY FIJANONANA FAHAROA NY SINAODY FAHA-7 KA NANDALINANTSINKA NY

FIFANDRAISANTSINKA AMIN'NY TONTOLO IAINANA KA NANDRAISANTSINKA TOROLALANA MAFONJA HAMPIHARINA EO NOHO EO, HITSINJOVANA NY IVO EZAKA SY LAVITR'EZAKA HAHATONGA ANTSINKA HIHAVANA INDRAY AMIN'NY ZAVA-BOARY HAHATONGA HO MPIARO, HO MPANORINA, HO MPIKOLOKOLO FA TSY SANATRIA HO MPANDRAVA.

Anio 1 Novambra, fankalazana manetriketrika ny Fetin'ny Olomasina rehetra, ireo havantsika tafita ka miombon-kasambarana ao amin'Andriamanitra na ireo amin'ny kalendrie na ireo tsy voasoratra nefo efa ao amin'ny fiadanana mandrakizay. Nahavita ny pakany izy ireo niaraka tamin'I Jesoa nandresy ny fahafatesana izay mampiditra antsika amin'ny volana novambra ihany koa hahatsiarovantsika ireo nialoha lèlana antsika indrindra. Izany rehetra izany dia mampahatsiaro antsika fa any an-danitra any tokoa no tena fiainana. Ny fahafatesana sanatria tsy fiafarana na fahalevonana, tsy hoe levona

mandrakizay isika, na i Kristy aza dia nandalo fahafatesana ary nandresy an'izany. I Masina Maria koa toy izany ary nampakarina vatana sy fanahy any an-danitra. Fahafatesana manambara fa voafetra isika fa tsy fiafarana. Noharian'Andriamanitra misy fetra tokoa isika olombelona. Andriamanitra irery no tsy misy fetra, fitiavana Andriamanitra ka tiany isika hitovy endrika Aminy, izany no nahariany antsika ka raha nandahatra an'izao tontolo izao sy nahary antsika olombelona Andriamanitra dia nohariany ho ao Aminy ka olona araiky ao Aminy tokoa isika fa isika olombelona no be siasia. Noho ny fahotana dia "potika " izay fandaharan'Andriamanitra izay.

Izao voalohan'ny volana novambra izao dia hahatsiarovantsika ilay Jerosalema any an-danitra. Jerosalema midika tanana masina, tananan'ny fiadanana. Mampahatsiaro fa an'I Jerosalema tokoa no iantsoana antsika raha miombona amin'Andriamanitra, raha mivelona ny mahaKristianina isika, raha Kristy mpiara-belona amin'olona tokoa isika, raha EOV MISIONERA isika, raha manao ny asan'Andriamanitra dia miombona amin'Andriamanitra manomboka ety an-tany ka any an-danitra. Ny vocation-ntsika dia ho any amin'izay misy an'i Kristy ao amin'Andriamanitra ka ity tany ity dia tany fandalovana ho entintsika miomana amin'ny fiainana lavorary izay iombonantsika amin'Andriamanitra dia ny hasambarana mandrakizay.

Ry Kristianina havana, mankalaza ny fetin'ny olomasina rehetra isika androany. Aoka ho ao antsaintsika rehetra ireto fototra telo ireto : fankalazana ny voninahitr'Andriamanitra ny andro androany satria masina ireo olona ireo satria nibaribary tamin'ny alalan'izy ny voninahitr'Andriamanitra, faharoa manana modely isika. Izany hoe natao ho an'ny olona rehetra ny fahamasinana. Fahatelo manana mpivavaka isika satria tian'izy ireo ho tody any Jerosalema isika. Manaraka izany, Olomasina izy ireo satria niombona tamin'Andriamanitra satria ny atao hoe "masina" mira "miombona amin'Andriamanitra, ary izany fiombonana izany no averimberintsika matetika rehefa manazava ny fahamasinana isika. Ny fahamasinana tokoa tsy hoe ireo voatsangana olomasina ihany fa ireo rehetra miombona hasambarana amin'Andriamanitra any an-danitra. Ny lahatr'Andriamanitra dia ny hiombonantsika Aminy amin'ny Trinite masina.

Izany no antitranterin'ireo vakiteny atolotry ny Eglisy androany na ny bokin'ny Fanambarana amin'ny vakiteny voalohany izay anehoan'i Md Joany fa nahita famantarana izy ka ireo izay nanadio ny akanjony, izany hoe ireo izay niezaka namolaka ny tenany, nampiray ny tenany amin'Andriamanitra, nanao ny asan'Andriamanitra izany hoe mivelona ny marina, mampanjaka ny rariny sy hitsiny, mamafy fihavanana sy fiadanana, na dia eo aza ilay fahotana tsy miala amintsika dia nodiovin'Andriamanitra miaraka amin'ny fahasoavany ka nahatonga ireo maro be voalaza ao amin'ny Apokalipsa miombona Aminy rehefa madio. Raha atao amin'ny teny hafa araka ny vavaka ataontsika amin'izao Sinaody izao zary Olon-dehibe araky ny finoana, ka zary Eglisy Olo velomin'ny Batemy miobona mandray an-tanana ka zary Tabernakla Velona, olon'ny fitiavana niezaka nivelona araka I Kristy, olon'ny fanantenana ka na dia maro aza ny sedra sy ny fijaliana dia nampiombona azy ireo bebe kokoa tamin'I Jesoa nijaly ka zary famonjena ho an'ny hafa. Masina miaraka amin'i Jesoa isika, tsy noho ny fahamendrentsika fa noho ny fahasoavana nentin'i Kristy, noho ny ran'ny zanak'ondry dia i Kristy izay nanolotra ny ainy ka manome antsika ny ainy. Raha mandray ny ainy isika dia madio ary mizara izay aina izay amin'ireo manodidina antsika isika mba ho tena generation manorina, manavao, mandavorary isika.

Mbola manamafy izany ny vakiteny faharoa "Ry hava-malala, zanak'Andriamanitra isika ankehitriny, nefo mbola tsy naseho izay ho tena toetrantsika; fa amin'ny andro hampisehoana izany, dia fantatsika

*fa hanahaka Azy isika, satria hahita Azy araka ny tena toetrary. Izay rehetra manana izany fanantenana izany ao Aminy dia manadio ny tenany mba ho madio tahaka Azy.*"

Mampahatsiahy antsika ny toetra maha-zanak'Andriamanitra I Joany eto. Ambarany fa ny fototry ny fahamasinana dia ny batemy. Aoka hainantsika tokoa ny batemy fa tsy milaza fotsiny hoe vita batemy aho. Raha tena miaina an'izany isika dia miombona amin'i Kristy dieny ety an-tany, EOV MISIONERA, Eglisy Olona Velona ka hatramin'ny fiainana mandrakizay. Izany no ampianarin'i Md Joany amintsika amin'io vakiteny faharoa io. Manambara koa izy fa tsy mijanona fotsiny amin'ny famaritana mahazanaka isika fa ny fanahafana an'i Kristy, ny fahamasinana, kristianina dia i Kristy mpiara-belona amin'olona ka hahazoantsika tanteraka ny fiombonana amin'i Kristy.

Ny Evanjely nosoratan'i Md Matio amin'izao Alahady faha-30 mandavataona izao dia mampianatra antsika fa ny fanahafana an'i Kristy dia mitaky fanetren-tena sy fahatsorana mba ho tena mpanompo marina. Io fanompoana io tokoa no lalana marim-pototra amin'ny fahamasinana. Io no azo amintinana ireo fahasambarana 8 lazain'I Jesoa ao amin'ny Evanjely, Toriteny teny an- tendrombohitra. Raha azontsika tsara ny tian'I Jesoa ambara dia tsy araka ny hevitr'izao tontolo izao ny hasambarana voalaza eto. Tsy hoe fananana harena ny hasambarana, izany manko ny hevitr'izao tontolo izao rehefa hoe manana an'izao aho dia ho sambatra. Tsy izany ny fahasambarana fa ny toetranao manahaka an'i Kristy izany hoe ireo toetra valo nananan'i Kristy ary tsy hoe nanao kobaka am-bava izy fa toetra tena nananany sy niainany ireo fahasambarana valo ireo.

Raha ny marimarina kokoa dia sivy fa ny fahasivy mamintina ireo hasambarana valo satria izao tontolo izao tsy manaiky ka manilikilika, izany no mahatonga an'i Jesoa miteny hoe :"*Sambatra ianareo raha tevatevaina sy engehina ary ampangaina lainga amin'ny ratsy rehetra noho ny amiko*"

Io ny "critère" "masontsivana", hoy ny teny baiko amin'izao, hahafantarana fa manahaka an'i Kristy isika raha engehina satria izao tontolo izao tsy manaiky an'io toetra io izay hanahafantsika an'i Kristy dia ilay lazain'i Kristy hoe :

*"Sambatra ny mahantra am-panahy fa azy ny fanjakan'ny lanitra"*

Raha mirehareha amin'ny fananana izay tsy voatery ho vola aman-karena fa ny toetrantsika isika dia io no tsy maintsy ho folahina mba hananana an'izay fahantrana sy fahalemem-panahy izay. Izany hoe miandranda mandrakariva ny tena toetra mahazanak'Andriamanitra mba ho fenoin'Andriamanitra ny fo amam-panahy ka izany ny fanjakan'ny lanitra ho antsika.

*"Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany"*,

Io izay nohalalinintsika tamin'ny andron'ny JMJ teto amin'ny diosezy. Aoka ho tsaroantsika satria dingana lehibe mitondra tamin'ny Filankevitra Pastoraly sy amin'izao Sinaody izao. Io no lalana hanavaozantsika ity tany ity mba ho tranoben'Andriamanitra raha samy malemy fanahy isika ka zary generation mpanorina, mpanatsara, mpandavorary fa tsy mpanapotika.

*"Sambatra izay mitomany fa halana alahelo izy"*,

Malahelo ny ratsy manodidina anao ka latsa-dranomaso. Io no lazain'I Papa hoe mangataha mba hanana ranomason'alahelo manenina ny ratsy natao sy izay ratsy amin'ny manodidina. Andriamanitra no hanala alahelo antsika izany hoe ny fampianaran'i Kristy no manampy antsika hitraka, maro ny fananarana azontsika amin'ny alalan'ny fampianarany.

*"Sambatra izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana fa ho voky izy"*,

Ny fahantrana mikiky ny firenentsika dia fantatsika ny loharano. Vokatry ny tsy fisian'ny marina ireny kere ireny. Noho ny tsy rariny, sy risoriso dia mitombo ny fahantrana. Raha tiantsika ho resy ny fahantrana dia mila manao ny marina, aoka hampanjaka ny marina. Raha tiantsika ho marina ny fiainantsika dia aoka isika hanahaka an'i Kristy satria ny marina no mahaolona afaka antsika, izany no tena fahendrena dia ny fahendren'i Kristy. Izay manao ny marina no hendry, hoy ny teny fanevan'ny fanabeazana katolika.

*"Sambatra izay mamindra fo"*

Nohalalinintsika io tamin'ny taonan'ny famindram-po, toetra manambara fa Kristy mpiara-belona amin'olona tokoa isika raha manatanteraka ireo asa famindram- po eo amin'ny fiainantsika na arapanahy na ara-nofo na ara-tsaina, eo koa ny fikolokoloana ny tontolo iainantsika izay manambara fa mamindra fo tokoa isika. Matetika ny Papa no manambara fa tsy hahita fiadanana sy fandriampahalemana ary fihavanana sady kristianina no Malagasy isika raha tsy mamboly fifamelan-keloka sy famindram-po. Aoka ho Mpamafy fihavanana isika.

*"Sambatra ny madio fo hahita an'Andriamanitra.*

Ireo olona masina ankalaizantsika dia tena nadio ny akanjony, ny akanjo eto dia ny fontsika voadio ary i Masina Maria no modely ho antsika amin'izany.

*"Sambatra ny tia fihavanana"*

Io toetran'i Kristy io no andrandraintsika Malagasy. Soatoavina ho antsika ny fihavanana averimberina matetika. Aoka hitafy an'I Kristy. Izy no fihavanantsika hoy Md Paoly. Tsy ho hisy ny fihavanana raha tsy mahafoy. I Kristy nanolotra ny tenany. Manana modely isika, dia i Lucien Botovasoa, Rabefihavanana no niantsoana azy noho izy miezaka hadio fo sy hampihavana tamin'ny fiainany. Enga anie isika haka tahaka azy amin'ny fanarahan-dia an'i Kristy.

*Sambatra ny miaritra ny fanenjehena noho ny Amiko*

Tsy tadiavina ny fanenjehena fa noho ny lojika roa tsy mitovy dia aza gaga raha voatositosika izay mitafy an'I Kristy.

Marina fa mety manahirana izany rehetra izany fa efa nambaran'i Kristy fa izany no lalan'ny hasambarana. Na izy koa aza niaina sy nivelonan'i ka modely manambara amintsika ny lalan-kombana izy, izay mitondra antsika any amin'ny fiainana mandrakizay izay hitoerantsika satria any no iantsoan'Andriamanitra antsika.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, ampio àry izahay hanamasina ny fiainanay. Enga anie izahay ho Kristy mpiara-belona tokoa eo amin'ny mpiara-belona aminay. Hivavaka izahay ho an'ny olombelona rehetra fa indrindra ny mpitondra mba ho amin'ny alalan'ny asa fanompoana ao anatin'ny marina no hoentina hanamasinana ny tenany sy ity tany onenanay, tranobe iombonanay ity. Enga anie ny fiainanay hanahaka ny fiainana araky ny toriteny nataonao teny an-tendrombohitra. Mba ho toetranay tokoa ireo hasambarana valo ka amin'izay ny iainanay eto mba hiainanay koa any amin'ny fiainana mandrakizay hahazoanay ny hasambarana tena izy sy ny hafaliana tena lavorary miaraka amin'ireo olomasina rehetra izay hivavaka ho anay koa amin'ny ezaka rehetra ataonay.

Masina Maria ô, efa tafita ianao miaraka amin'ireo Olomasina ka mivavahà ho anay mba hitafy an'I Kristy izahay ka ho EOV MISIONERA TOKOA HO TABERNAKLA VELONA HIZARA NY FAMINDRAMPON'I JESOA ZANAKAO. Torak'izany koa ianao Md Josefa, efa tafita ianao ka aza adino ny mivavaka ho an'ny Fianakaviana amin'izao andro sarotra izao. Enga anie ho Eglizy kely tokoa ny fianakaviana jiaby. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson